Marathon International de Tana

# Tsy namokatra ny Malagasy



Tsy araka ny nanampoizana azy ny vokatra niseho nandritra ny hazakazaka lavitrezaka 42km notanterahina omaly Alahady, nihodididna ny tanàna ka nandraisan'ireo mpihazakazaka kalaza malagasy anjara. Atleta iray avy atsy amin'ny nosy La reunion Francois Lebon sy tera-tany Keniana iray ihany no vahiny namaly ny antso. Betsaka ireo nihevitra fa ho adin'ny samy atleta malagasy ity marathon indray mitoraka ity.

Nifanohitra tamin'izany anefa no niseho fa dia nampisehoan'ilay tera-tany renioney ny fahaizany ireo atleta malagasy toa an-dry Haja, Ralala, Joachin, Jean de La Croix ka izy no nitana ny laharana voalohany rehefa nodinganiny teny amin'ny 67ha i Jean de La Croix. 42taona i Francois Lebon kanefa tena manana ny fahaizana miatrika hazakazaka toy izao. Ny fahitana ireo mpihazakazaka malagasy kosa dia tsy nahovoka mihitsy hatramin'ny voalohany.

Teo amin'ny sokajy vehivavy kosa dia nanjaka i Landy rehefa nandingana an'i Marinah teo Ampefiloha. Nitana ny laharana fahatelo i Elysée sokajy zokiny fa tsy manaiky ho antitra.

Tsy tratra ny fe-potoana hanaovana Marathon any ivelany

Nilaza ny filohan'ny federasiona fa tsy nisy resaka hafa iny hazakazaka iny fa tena tsy afaka ny atletantsika noho ny hareraha-na angamba. Iny marathon iny anefa no nahafahan'izy ireo nitady ilay « minima » 2h 25mn ilaina hahafahana miatrika ny Marathon de Paris izay hatao Avrily 2016.

Toy izao ny vokatra :

Lehilahy : 1 Francois Lebon (Reunion) 2h 26mn. 2 Jean de la Croix (Crown VKN) 2h 28mn. 3 Hajanirina (Cosfa ) 2h 35mn

Vehivavy : 1 Landy Ratianarison (COSPN) 3h 18mn 58sec. 2 Marinah Ramanantenasoa (CNAPS) 3h 21mn 26sec. 3 Elysée Razafimahatratra (Veteran) 3h 22 mn 08sec

**José R**